PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE
---------------------
SECRETARIAT GENERAL
---------------------
COMITE POUR LA SAUVEGARDE DE L'INTEGRITE

# PRESENTATION DU RAPPORT ANNUEL 2025

Antananarivo, le 20 février 2024 - Le Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité (CSI) présente son Rapport Annuel 2024 et annonce officiellement la fin de mandat de Madame Sahondra RABENARIVO en tant que Présidente.

L'année 2024 du CSI a été marquée par le pilotage de l'élaboration de la nouvelle Stratégie Nationale de Lutte contre la Corruption(SNLCC) de Madagascar. En effet, 80% des activités prévues par le CSI ont été consacrées au processus d'élaboration de cette nouvelle Stratégie. Dans ce cadre, la Présidente du CSI a assuré la Présidence du Comité d'élaboration de la SNLCC 2025-2030.

Durant l'année 2024 également, de par sa mission de garantie d'indépendance opérationnelle des organes du SAC, le CSI s'est chargé du recrutement des dirigeants des organes du SAC notamment le DG du BIANCO et celui de L'ARAI. A ceci s'ajoutent les recrutements des magistrats et greffiers des PAC à Antananarivo, Mahajanga et Fianarantsoa.

« *Tout au long de mon mandat, l'appui de Son Excellence Monsieur le Président de la République a été déterminant Grâce à son engagement, nous avons pu procéder à l'adoption de l'ordonnance et du décret sur le recouvrement des avoirs illicites, ainsi que dans la création de la structure correspondante, à la nomination des Directeurs Généraux des entités composant le Système Anti-Corruption, rechercher un consensus autour de la Loi Idealson sur les Pôles Anti-Corruption, et établir les Pôles Anti-Corruption à Mahajanga et Fianarantsoa. Sa vision et son soutien ont également permis de renforcer notre présence sur la scène internationale, car la Lutte Contre la Corruption est un combat qui transcende nos frontières et nécessite une coopération internationale solide. L'élaboration de la nouvelle SNLCC 2025-2030, l'une de nos plus grandes réalisations, n'aurait pas été possible sans son inestimable soutien* » a déclaré Madame Sahondra RABENARIVO, Présidente du CSI.

Dans l'optique de renforcer tous ces efforts déployés, le CSI recommande la mise en place rapide du comité de mise en œuvre de la SNLCC, de poursuivre l'internalisation des instruments juridiques internationaux et régionaux ratifiés par Madagascar ; d'aligner clairement la nouvelle SNLCC avec la PGE et sa mise en cohérence avec les autres politiques publiques de l'Etat (vision justice 2035, SNLBC/FT, diagnostics de la gouvernance des Finances Publiques du FMI, PNDE, …) ; de lever de tous les obstacles juridiques et opérationnels à une répression efficace de la corruption pour mettre fin à l'impunité ; de promouvoir l'action collective à des fins de prévention et de LCC ; et de digitaliser et exploiter les données à des fins de LCC.

Pour l'année 2025, le CSI se concentrera sur la mise en œuvre effective de la SNLCC à travers sa vulgarisation auprès de toutes les parties prenantes et la mise en place de mécanismes de mise en œuvre et de suivi-évaluation. L'objectif étant d'assurer sa large diffusion et son appropriation par toutes les parties prenantes. Pour y parvenir, la vulgarisation de la SNLCC 2025-2030 est prévue, au niveau national, à travers des présentations, ateliers, et supports de communication adaptés.

Concernant la Présidence du CSI, le Conseil des Ministres du mercredi 19 février 2025 a constaté par décret la fin de mandat de Mme Sahondra RABENARIVO et la nomination de Maître Lala RATSIRAHONANA, Médiateur de la République, membre du CSI, comme Président intérimaire.

Madame Sahondra RABENARIVO, pour sa part, retournera au Secteur Privé, son domaine de prédilection, mais est honorée par sa nomination de Son Excellence Monsieur le Président de la République au sein du Conseil d'Administration de l'Agence Malgache de la Promotion des Investissements ou EDBM.

***Le rapport Annuel 2024 peut être consulté sur [www.csi.gov.mg](http://www.csi.gov.mg)***
***ou en cliquant sur ce QR code.***

## FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo faha 20 febroary 2025 – Manolotra ny tatitra fanaony isan-taona ho an'ny taona 2024 ny Komity Mitandro ny Fahitsiana (CSI) ary mampahafantatra amin'ny fomba ofisialy ny fahataperan'ny fotoam-piasanan'ny Filohany Ramatoa Sahondra RABENARIVO.

Nanamarika ny zava-bita nataon'ny CSI ny taona 2024 ny fitarihana ny famolavolana ny Paikadim-pirenena Iadiana amin'ny Kolikoly (SNLCC) 2025-2030. Raha ny marina, ny 80% amin'ny asa nosahanin'ny CSI dia niompana tamin'ny dingana famolavalona io Paikady vaovao io avokoa. Satria tokoa, ny Filohan'ny CSI no Filoha nitarika ny Komity Mpitarika ny famolavolana ity SNLCC 2025 – 2030 ity.

Nandritra iny taona lasa iny ihany koa dia nosahanin'ny CSI ny fitadiavana ireo tompon'andraikitra voalohany eo anivon'ny SAC, toy ny Tale Jeneralin'ny BIANCO sy ny ARAI, miampy ireo mpitsara sy mpiraki-draharahan'ny *Tendro manokana Iadiana amin'ny Kolikoly ( PAC)* miasa eto Antananarivo sy any Mahajanga ary Fianarantsoa ; hetsika izay tafiditra indrindra anatin'ny andraikitra sahaniny miompana amin'ny fikajiana ny fahaleovan-tenan'ireo rafitra miady amin'ny kolikoly (SAC).

"*Nandritra ny fe-potoam-piasako, ny fanohanan'* Andriamatoa Filohan'ny Repoblika *dia tena nanana ny lanjany lehibe tamin'ny nandraisana ny Didy hitsivolana mahakasika ny famerenana amin'ny Fanjakana ny Harena azo tamin'ny tsy ara-dalana sy ny fananganana ny Sampan-draharaha misahana izany ; eo ihany koa ny nametrahana ara-potoana sy nanaraka ny lalàna ny Tale Jeneraly miasa eto anivon'ny SAC, ny nitadiavana marimaritra iraisana manodidina ny lalàna Idealson momban'ny PAC sy ny fametrahana ny PAC any Mahajanga sy Fianarantsoa. Ny vina napetrany sy ny fanohanana nomeny dia nahafahana nanamafy ny fisiantsika teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny fisehoan'ny Kolikoky tokoa mantsy tsy eto Madagasikara irery ihany fa hita any amin'ny tany rehetra tsy ankanavaka na mandroso izy na andalam-pandrosoana, ary ny Kolikoly dia saika iraisam-pirenena ka ny Ady izany dia tsy maintsy iraisam-pirenena ihany koa. Ny famolavolana ity Paikady vaovao ity, izay anisan'ny asa lehibe sy goavana dia tsy tanteraka ihany koa raha tsy nisy ny fanohanana mafonja avy tamin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika»* hoy ny nambaran- dRamatoa Sahondra RABENARIVO, Filohan'ny CSI.

Ho famanafisana ny ezaka rehetra natao, ny CSI dia mandrisika ny ny fametrahana haingana ny komity miandraikitra ny fampiharana ny SNLCC, ny hanohizana ny fampidirana eto Madagasikara ireo fomba fanao araky ny lalàna izay nankatoavin'i Madagasikara tamin'ny alalan'ny fifanarahana iraisam-pirenena; hampifanaraka mazava tsara ny SNLCC vaovao amin'ny PGE sy amin'ireo politikam-panjakana hafa (vina stratejikan'ny Fitsarana 2035, SNLBC/FT, fanadihadiana ny fitantanana ny volam-panjakana nataon'ny FMI, PNDE, sns.); hanesorana ireo sakana rehetra araky ny lalàna sy eo amin'ny sehatry ny fampiharana amin'ny fanafoanana ny kolikoly mba hampitsaharana ny tsimatimanota; fampiroboroboana ny hetsika iombonana ho fisorohana sy ny LCC; ary hampiasana ny haitao arakajy mirindra sy hitrandrahana ny toro azo amin'izany entina miady amin'ny kolikoly.

Ho an'ny taona 2025 manokana, ny CSI dia hifantoka amin'ny fampiharana ireo voalaza ao amin'ny SNLCC 2025-2030 amin'ny alàlan'ny fampahalalàna azy amin'ireo mpandray anjara rehetra sy ny fametrahana rafitra fanaraha-maso sy fanombanana izany. Ny tanjona dia ny hiantohana ny fanaparitahana sy ny fiparitahan'ny votoatiny amin'ny lafiny rehetra eny anivon'ireo mpisehatra isan-tsokajiny. Mba hanatrarana izany dia hisy fidinana ifotony hanatanterahana famelabelarana, atrikasa ary famoahana fitaovan-tserasera fampahafantarana mifanaraka amin'izany.

Mahakasika ny Filohan'ny CSI, ny Filankevitry ny Minisitra ny alarobia 19 febroary 2025 dia nandany ny didim-panjakana manamarika ny fiafaran'ny fe-potoam-piasan'ny Filohan'ny CSI sy ny fanendrena an'i Maître Lala RATSIRAHONANA, Mpiahy Ara-drariny, mpikambana ao amin'ny CSI, ho Filoha mpisolo toerana vonjimaika.

Ramatoa Sahondra RABENARIVO kosa dia hiverina eny amin'ny sehatra tsy miankina izay efa nosahaniny hatramin'izay ary manome fankasitrahana feno an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika tamin'ny ny nanendreny azy eo anivon'ny filankevi-pitantanan'ny EDBM.

***Ny Tatitry ny asa vitan'ny CSI ny taona 2024 dia afaka jerena ao amin'ny tranokalan'ny CSI www.csi.gov.mg***
***sady afaka alaina amin'ny alalan'ity "QR CODE" ity.***